# ZOMA MASINA - TAONA - B



***Nianatra ny Fanekena Izy, ka tonga fototry ny famonjena ho an'izay manaiky Azy.***

Ry Kristianina havana, mbola ao anatin'ny hateloana masina isika. Omaly isika no nankalaza sy nandinika ary niaraka niditra tamin'i Jesoa amin'izao hateloana masina izao tamin'ny fankalazana ny Alakamisy masina izay nanorenan'i Jesoa ny famonjena antsika. Tanteraka izany famonjena izany raha nanolotra ny ainy tamin'ny alalan'ny vatany sy ny ràny Izy tamin'ny Eokaristia sy nanasa ny tongotry ny mpianany anambarany fa ny làlam-pamonjena dia ny fanompoana, nilaza Izy hoe :"ataovy izao ho fahatsiarovana ahy". Izany indrindra no tanteraka amin'izao Zoma masina izao izay zoma voalohany volana ihany koa. Mahavariana fa tian'Andriamanitra ho tsapantsika fa miara-mijaly amintsika amin'izao krizy mafy atrehintsika izao Izy. Mangina tokoa àry ny tany satria mahatsiaro ny fijaliana sy nahafatesan'ny Tompo, izany no foto-kevitra lehibe ankalazaintsika androany. Toa resy isika satria maty tokoa ny Tompontsika nefa ny ankalazaintsika dia tsy ny fahafatesana mankany amin'ny faharesena sy fahaverezana ary ny fahalòvana fa fahafatesana manambara fandresena ny ratsy, fandresena ny fahotana. Olom-pinoana, olom-panantenana, olom-pitiavana isika ka afaka manambara izany fa indrindra miatrika izao KORONTANAVIRUS izao. Raha mijery ny manodidina tokoa isika toa resy, potika, rava, lò… no hita. Hoy I Jesoa tamintsika tamin'ny Alahady faha-5n'ny Karemy, tamin'ny Alahadin'ny fijaliana : "raha tsy maty ny voa nafafy dia tsy hamokatra izy". Tanteraka izany anio. Maty ny voa nafafy fa tsy maty ho lò fa mety hanome aina

> **Vakiteny I :** Iz. 52, 13 - 53, 12
> **Tononkira :** Salamo 115
> **Vakiteny II :** Heb. 4, 14-16 ; 5, 7-9**Evanjely :** Jo. 18, 1-40; 19, 1-42

Anatin'ny fahanginana isika no mitsakotsako izany rehetra izany kanefa ao anatin'ny fahanginana manambara fandresena satria matoky isika fa raha miara-maty Aminy amin'ny fahotana dia miara-mitsangana Aminy ka ny fahafatesana no levona ao amin'ny fasana fa aim-baovao kosa no mivoaka avy ao. Izany no andrandraintsika. Fahanginana feno fanantenana sy fitiavana no ankalazaintsika amin'izao andro Zoma masina izao ary mizara efatra izany fankalazana izany mba hiainantsika ny izay ankalazaintsika.

Ny fizarana voalohany dia fandinihantsika an'i Jesoa nijaly sy maty amin'ny alalan'ireo vakiteny naroso amintsika fa indrindra ny Evanjely izay manohy ny efa voalaza ao amin'ny vakiteny voalohany izay manomana antsika bebe kokoa amin'ny andro anio.

Ny fizarana faharoa dia fivavahana amin'ny alalan'i Jesoa mba ho famonjena ny olona rehetra maneran-tany. Ranombavaka manetriketrika no filazantsika azy, ranombavaka anolorana an'izao tontolo izao amin'Andriamanitra mba ho izao tontolo izao vaovao tokoa, nandresy an'ity Korontanavirus ity no ateraky ny fankalazana ny Paka. Ny vokatry ny fijalian'i Jesoa dia ilay fiainam-baovao entin'ny Paka izany hoe ny fifandraisana amin'Andriamanitra mirindra araka ilay fihavanana nentin'i Jesoa izay tanteraka tamin'ny alalan'ny hazo fijaliana : ny fifandraisantsika samy olombelona ho fianakaviana iray ao amin'Andriamanitra izay fihavanana sy fitiavana tena izy fa tsy sentosento, ny fifandraisana vaovao amin'ny zava-boahary. Hiezaka isika mba hifanaraka amin'ny fiainana maha zanak'Andriamanitra antsika ny fanajantsika ny zava-boahary fa tsy hanjakazaka na handrava isika. Io araka ny averimberintsika no asongadin'I Papa amin'ny Ansiklika "Fratelli Tutti". Ho Olo Araiky isika Jiaby miroso.

Ny fizarana fahatelo dia ny fitsaohana sy ny fanajana ny hazo fijaliana masina. Mitsaoka an'i Kristy tamin'ny hazo fijaliana isika hanambarantsika fa io no fototry ny famonjena antsika. Mitsaoka an'I Kristy Fihavanantsika ka mahatonga antsika ho "olo araiky".

Ny fahaefatra dia ny sakramentan'ny Eokaristia, mandray ny vatana sy ràn'i Kristy mpamonjy antsika isika. Tsy misy fankalazan'ny Eokarisitia androany fa mandray ny komonio ho fiombonantsika Aminy hahatonga ho fianakaviana araiky amin'Andriamanitra.

Ny vakiteny voalohany bokin'Izaia mpaminany dia efa manambara amintsika izay hanjo an'i Jesoa ilay mpanompon'Andriamanitra "*Toy ny nigagan'ny maro nahita Azy, fa rava Endrika loatra Izy, ka ny Tarehiny efa hoatra ny tsy tarehin'olombelona intsony ; ary ny Tavany efa hoatra ny tsy tavan-janak'olombelona intsony, no hampiontanany firenena maro."*

Izany tokoa no nanjo an'i Jesoa sy nitondrany ny fitiavan'Andriamanitra amintsika ary tsy taka-polopolorina izany halehiben'ny fitiavany antsika izany. Io Endrik'I Jesoa potika, ravarava io no endrik'izao tontolo izao potika ravan'ity Korontanavirus ity. Io ihany koa no ambaran'ny hazofijaliana vao notsofintsika rano ao an-tokontany izay antsointsika Kalvery. Matetika dia sarin'I Jesoa mifantsika no hitantsika. Tsy misy sary fa ny fehiloha tsilo sy lamba no hita amin'ny lakroa. Manambara fa isika no mametraka ny sarin'ireo havantsika mijaly araka ny voalazan'I Papa matetika ka manasa àry hiombona aminy. Manambara ihany koa izao tontolo izao mijaly araka ny voalazan'I Md Paoly izay fantatsika (Rm 8) : "Ny voary manontolo dia samy miandry fatratra ilay andro hanehoan'Andriamanitra ny voninahitra natokany ho an'ny zanany rehetra…" Efa voalazan'I Md Paoly io amin'ny tokoa faha-5: "*Fa izao kosa no nanehoan'Andriamanitra ny fitiavany antsika: fony mbola mpanota isika no maty hamonjy antsika ny Kristy; koa mainka fa izao efa nohamarinina tamin'ny rany izao, dia tsy maintsy afahany amin'ny fahatezerana mihitsy*".

Ny ankalazaintsika amin'izao Zoma masina izao dia ny fitiavan'Andriamanitra antsika olombelona izay abaribarian'io fijalian'i Jesoa sy ny famantsihana Azy tamin'ny hazo fijaliana io. Mampiseho ny fitiavany antsika Andriamanitra tamin'ny nanirahany ny zanany lahitokana ho amin'izao tontolo izao mba hahavelona antsika amin'ny alalany. Tsy isika no tia an'Andriamanitra rahateo fa Izy no tia

antsika. Tanteraka izany amin'izao fibanjinantsika ny hazo fijaliana izao. Izay rahateo ny soratra ao amin'ny Kalvery : "Nijery ilay nofantsihana izy"

Mifikira àry isika ry Kristianina havana amin'ny hazo fijaliana, ampandrosoy ao an-tranontsika ny hazo fijaliana fa handray ny famonjen'i Kristy isika sy ireo izay mandalo ao an-tranontsika koa.

Maro ny olona voalaza amin'ny tantaran'ny famonjena antsika amin'ny Evanjely izay novakina tamintsika amin'izao fankalazana ny Zoma masina izao. Anjarantsika no mandinika aiza amin'izy ireo isika? Raha atambatra indray miaraka ireo olona rehetra voatantara ireo dia azo lazaina fa ny toetrantsika olombelona dia hita ao anatin'ireo olona marobe nanodidina ny Fijalian'i Jesoa Kristy Tompontsika nosoratan'i Md. Joany.

Raha mandinika an'i Pilaty isika dia tsapantsika ny anjara toeran'ireo manam-pahefana. Manana fahefana isika amin'ny toerana misy antsika tsirairay avy ary matetika tsy mahay mandalanjalanja izany fahefana izany satria mihevitra araky ny toetran'olombelona.

Raha mandinika an'i Jodasy isika dia mahita fa matetika isika no mamadika an'i Jesoa amin'ny fiainantsika raha manao izany amin'ireo kely sy madinika indrindra ka mitady ny tombotsoa ho antsika sy ny voninahitra ho antsika.

Raha mijery an'i Piera isika dia mahita fa matetika isika no mandà an'Andriamanitra sy mandà an'i Jesoa amin'ny fiainantsika satria tsy mifikitra amin'ny tena fitiavana fa mitady hanavo-tena, tsy misy fahasahiana, matahotra.

Raha mandinika ireo olona nilaza hoe "fantsiho amin'ny hazo fijaliana" dia midika fa mifidy an'i Barabasy sy izao tontolo izao. Impiry moa isika no manontany sy mitady hoe: "aiza ny marina" ?

Aleontsika mitsara sy mitsikera toy izay mikatroka amin'ny asa aman-draharaha Kristianina. Impiry isika no manohitra ny rafitra misy, impiry isika no maneso ny namantsika tahaka an'ireo naneso an'i Jesoa.

Soa ihany fa noho ny fahasoavan'Andriamanitra dia misy fotoana isehoantsika tahaka ireo vehivavy masina sy i Joany ka tsy misaraka amin'i Jesoa na inon-kidona na inon-kihatra ary rehefa tsy misaraka fa mitoetra ao Aminy isika dia mankahery antsika Izy. Natolony antsika ny reniny raha nilaza tamin'ilay mpianatra malalany Izy hoe: "indro ny reninao", ary natolony an-dreniny isika raha nilaza izy tamin'i Masina Maria :"indro ny zanakao". Teraka ny Eglizy satria manana reny isika ary miara-dàlana amintsika izy.

Ary raha nilaza hoe tanteraka ny zava-drehetra i Jesoa dia azo lazaina fa Evanjelin'ny fandresena ho antsika izany. Ny fandresena ao amin'i Jesoa dia tsy ho entina mirehareha fa ho entina hanompo hanavao an'izao tontolo izao ary izany no antenaintsika raha hankalaza ny Asabotsy masina isika rahampitso. Eo amin'ny tantaran'ny fijalian'i Jesoa Kristy io ny famonjena antsika olombelona, koa enga anie ny fiainantsika nohavaoziny tamin'izy teo amin'ny hazo fijaliana mba hihavao tokoa amin'ny fankalazana ny Asabotsy masina anatin'ny hateloana masina mandeha amin'ny Paka izao. Paka fandalovana miala amin'ny fiainana tsizarizary ka miditra amin'ny fiainam-baovao satria izany no anton'ny nijalian'i Jesoa teo amin'ny hazo fijaliana. Raha mifikitra sy mitoetra Aminy isika sy itoerany dia mamokatra ny fiainantsika ary izany no Paka ho antsika.

Ry Jesoa Kristy Tompo ô, nanolo-tena teo amin’ny hazo fijaliana Ianao, natolotrao anay i Masina Maria reninao, koa enga anie izahay noho ny vavaka ataony mba ho olom-baovao ao Aminao ary hifikitra amin’ny hazo fijaliana fa io no làlam-pamonjena ho anay, izany hoe hifantsika miaraka Aminao amin’ny fahotana sy amin’ny ratsy rehetra ataonay izahay. Tsy Ianao no milevina ao am-pasana fa halevinao ao ny fahafatesanao, halevinao ao am-pasana ny ratsy, ity korontanavirus ity ka fiainam-baovao no iombonanay Aminao amin’ny alalan’izao fankalazana ny “Tridium pascal” izao ka handray ny fahasoavana avy Aminao anie izahay. Fahasoavana zary angovo lehibe manosika hanao “départ vaovao”, “ainga vaovao”. Enga anie ny fiainanay mba ho fiainana misy Anao manontolo amin’izay mba ho famantaram-pamonjena ho an’ny hafa koa izahay, ho zary EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA. Masina Maria teo am-pototra ny hazo fijaliana ianao ka nandray an’I Joany ary Joany nampandroso anao tao an-trano. Tongava ao an-tranonay tsiraikiraiky hitondra an’I Jesoa. Md Josefa ampianaro izahay hanana FON-DRAY ka hiaro sy hikolokolo ny fianakaviana miatrika ny mafy tokoa manombok’izao. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson